Ny valan-javaboarin-pirenena Masoala – Ny ambadika ny medaly

Ny valan-javaboary mampanahy mba hazahoana manatsarany fari-piainana ny tantsaha

Eva Keller[1], 25.6.2009

Efa misy 12 taona no niorenan'ny valan-javaboarim-pirenena eto Masoala. Ny lahatra misy amin'ny fiarovan'ny zavaboary isan karazany nampian'ny Zoo de Zurich izy. Nefa indrisy heverin'ny mponina ho fandrahonana ny fiainan' izy ireo izany. Tanindrana ny faritra mamaritra ny valan-javaboary izany no fandeferana lehibe.

Tovolahy tsara fanahy avy ao Ambanizana no fiavian' i Rakoto dia niorina amorontsiraka Avaratra-Antsinanana ny Madagasikara i Ambanizana. Ary i Ambanizana dia ao anatin'ny tanàna marobe izay ny fiainan'ny mponina ao dia voakasika mivantana ny fisian'ny Park Masoala. Eto no misy tanindrazan' i Rakoto sady fonenan' i razambeny. Mipetraka ao amin'ny trano kely velarany i Rakoto miaraka amin'ny vadiny sy ny zanany roa, ao anatiny io trano io dia misy kitrara lehibe iray sy kidoro iray fingitra malemy, seza vita amin'ny kakazo sy dabilio kely, izay voatokana hipetrahana ny mpitsidika, misy koa ondana maromaro sy vata vy fitoerana lamba. Ao anatiny efitrano tsotra misy toerana malalaka izay fanaovana asa andavanandro, toy ny zaitry sy rary antomby kely etc. Tsy manana tanimbary na zavatra fivelomana hafa ao an-tanàna i Rakoto. Miasa miaraka amin'ny ray-amandreniny izy mitrandraka tany, miasa an-tanety mideza miatrika ranomasina "eo ny ati-ala amoron-dranomasina" hoatry ny toerana anaty tetik' asa fikarohana hisarihana ny olona hitsidika ny valan-javaboary.

---

[1] I Eva KELLER mpandinika ao amin'ny Université de Zürich, nahazo mari-pahaizana na diplaoma Doctorat tao amin'ny sekoly tao «LSE, London School of Economics and Political Science» (Londres, sampana ekonomika sy politika), Université de Londres. Nandritra ny folo taona dia nanao fikarohana tany avaratra-atsinanan' i Madagasikara. Izao tahirin-kevitra izao dia mifantoka amin'ny zavatra voaray nandritra ny sivy volana nipetrahany tamin'ny tanana anankiroa tao amin'ny saikanosy Masoala. Ity tahirin-kevitra ity dia navoaka tamin'ny teny allemand tamin'i 25.6.2009, tamin'ny gazety «Die Neue Zücher Zeitung». Ny fandikana ho teny frantsay ny tahirin-kevitra dia nataon' i Eva KELLER. Ny fandikana tamin'ny teny malagasy dia nataon' i solontena am-panjakana sady loholona any Ambanizana.

Ny Zoo de Zurich sy i Amérique no mpiara-miomban' antoka amin'ny fitatanana ny valan-javaboary

Voafaritra hatry tamin'ny taona 1997 ny valan-javaboary mandrakotra ny an-tsasaka ny morontsiraka ny Masoala. Ny mpitondra fanjakana malagasy izay miara-miasa amin'ny fikambanana Amerikana (Wildlife Conservation Society) no mitantana ny faritra iarovana. Ny Zoo de Zurich no mpamatsy vola tegna maha fatra-po. Nohon'ny famoronany io "Masoala kely " any Zurich io dia fanta-daza eran' izao tontolo izao ny Park Masoala. Ny tanjona amin'ny izany dia hanintona ny sainan' olombelona hitantana tsy hanimba ary tsy hiditra an-keriny ao amin'ny faritra arovana. Ny faritra andrefana, ny fanimbana ny ala no fototra hamoronana ny tanimboly dorana kely ny velarany, ny tanjona dia voly hazahoam-bola, ny tantsaha no mampiasa ny doro-tanety mba hanaovany izay ilainy toy ny vary.

Tamin'ny taona 2006 mba ho fanampiana amin'ny izay ilainy fianakaviany dia nitevy ala i Rakoto mba hazahoany fahafaham-po amin'ny famelomana ny fianakaviany, an-tsasaka ny hectare (0,5 ha) ny tevy ala nataony tamin' ireo ray-amandreniny. Te-hamboly tsomanga, ambazaha, fontsy, fary ary voly fihinamboa rehetra miaraka amin'ny izany ny voly lavany azo amidy. Nefa telo taona talohan'ny faritra iarovana ny tanin' ireo ray-amandreniny efa tao anaty "noyau dur" ny valam-javaboary. nEo ny ankabeazan'ny faritra arovana tena manakaiky avy aorian'ny tanàna. Faritra tsy azo idirana na iza na iza, tsy misy mahazo malaka zavatra ao anatiny. Raha niverina avy niasa tany an-tsaha i Rakoto dia tratran' ireo mpiambina ny faritra mipetraka eo an-tanana. Nosamborina izy, nofatorana ny tanany dia niambesan' ireo polisy nandritra ny roa andro sahala ny olona nahavita heloka bevava. Nogadrana nandritra ny iray volana izy teo amin'ny tanana manodidina ary hita fa ireo gadra mivoaka matetika dia feno kaikitra hao sy bibikely hafa.

Ny mponina amin'ny tanana hafa dia manana tantara mitovy amin'io ihany koa. Tamin'ny taona 2005 nisy lalàna entitra dia entitra mivoaka manoloana ny fiarovana ny zava-boary eto Madagasikara. Araka ireo mpahay lalàna momba ny zavaboary sy ny mpampihindram-bola tandrefana sy ireo mpikarakara ny tontolo iainana no namoahana ny lalàna. Io lalàna io dia manambara fa manana ahoaka andrivony eo ho eo i Ambanizana, olona fito amin'izany dia efa voasambotra ary ny iray no voasazy dimy taona ao an-tranomaizina tahaka ny sazin' i Rakoto. Nandritra ny taranaka nifandimby ny mponina dia mbola nitana ny fomba nahazatra teo aloha maha an'azy ireo ny tany. Izany no antony tsy nahavitany nanao taratasy ara-dalàna mba honoratana ny taniny amin'ny bokim-panjakana. Ankehitriny anefa hatry tamin'ny

fiforonana ny valan-javaboary, ny ankamaroany ny mponina dia saika tsy manana tany. Ny olona tahaka an' i Rakoto dia ho foanana tanteraka.

Tsy manana tany, ary tsy misy fomba ivelomana

Ny ampahefan'ny mponina ao Ambanizana dia mivelona ao anatiny faritra iarovana. Ny efa-polo isan-jatony (40 %) mivelona ao amin'ny antsasaka ny valan-javaboary ary ny enim-polo isan-jatony (60%) ny mponina dia tsy manana tany hafa ivelomana. Na dia iray aza amin' ireo fianakaviana ireo tsy nomena na dia vola kely aza ho fanampiana ary na tany hafa ivelany Park. Ny talen' ny valan-javaboary izao dia mahafantatra ny tsy fietezana izao fisehoan' ny toe-javatra izao. Manoloana izany dia omena sazy miantona ("convention", nefa tsy manankery amin'ny fitsarana) na izany aza ny mponina rehetra ao Ambanizana dia mahazo alalana mamboly amin'ny taniny ao anatiny valan-javaboary mandra-pahitana ny governementa ny vaha-olana. Misy fifanarahana hafa izay mandrara tsy mahazo mikapa hazo na savoka. Nefa io fepetra io dia tsy ahafahan' i mponina mamboly vary izay foto-tsakafon' ny Malalgasy. Na dia eo aza ny fifanarahana nataon' i Tompon'andraikitra ny valan-javaboary sy ny Tangalamena an-tanana, raha misy ny fivadihan-javatra dia hiantrana ihany izy ireo hikarakara ny tanimboliny mandritra ny fotoana tsy voafetra. Ambonin' izany tsy mahazo mikasika ny atiala manodidina zare. Ny ray-amandrenin' i Rakoto ary Jean-Aimé sy ny vadiny i Beby ohatra anatiny toejavatra to izany.

Ny fontsy sy ny volana

Teo amin'ny orana be mivatravatra, izaho sy i Beby dia nandeha an-tongotra tao anatiny iray ora sy sasany manaraka ny morontsiraka ho any amin'ny taniny. Any an-tampon-tanety anirian' ny ahitra dia misy trano kely fialofana, misy fatana, ary hita eo koa ny lamba fisolo miantona. Misy aomby enina miraotra ahitra eo amin'ny manodidina. Eo an-daniny, ny kijana mivelatra hatrany amoron-dranomasina, eo an-kilany dia misy ny tanimboly misy lavany sy café ary voly hafa. Ireo voly ireo dia mandrakotra telo na efatra hectara ary anivon' ny atiala, ary amin'ny io toerana io tena maheno ny kiakiaka mamparenina ataon' ireo varika. Nandrita ny telopolo taona Jean-Aimé sy Beby nanokana ny heriny sy ny hareny amin'ny io tany io ary tsy mampiasa zavatra hafa afa tsy ny antsy, ary mahazo harena iankinany fianakaviany manontolo miisa folo ny zanaka aman-jafiny. Indrisy anefa io tany io dia tafiditra ao anatiny noyau dur izany hoe toerana tsy azo idirana. Ary tebiteby isan' andro no mahazo azy ireo, satria tsy azo antoka ny hoavin izy ireo. «Izay miteny fa ny valan-javaboary dia zavatra tsara dia mandaingy amin'ny izy ireo», araka ny lazainy Beby ary nandaitra

amin’ny ireo namana hafa. «Tsy hoe tsy misy tombon-tsoa amin’ny valan-javaboary fa ny fiferana na hoe limite dia ankaiky loatra. Ny zanakay sy ny hafa dia tsy misy tany ivelomana intsony hazahoany manatanteraka ny zavatra rehetra ilain-zareo.»

Ho an’ ireo tantsaha mivelona amin’ny manodidina, na ao anatin’ny valan-javaboary antsoina hoe «faritra ipetrahana arahimaso» ny fahaverezany taniny dia midika mihoatra ny fandrahonana ara-toekarena. Nefa amin’ny fanombohana ny fanambarana ny ampahay be tamin’ny atiala amin’ny helo-drano, fa tsy azo idirana hoany rehetra (afa-tsy ireo manana fahazoan-dalana mandoa vola sy ny mpizaha tany), hita eto fa ny toerana dia efa tandindomin-doza amin’ny ho avy. Araka ny lovan-tsofiny, ny Zanahary dia mametraka izao fanontaniana manaraka izao tamin’ny malagasy: «Moa ve tianareo ny manahaka ny fatim-pontsy, maty mamela mamy ho any taranaka sady manana solofo sy dimby mitsiry maro avy neo am-pototra sa toy ny fatin-diavolana, maty ka velona toy ny fatin-Janahary, mitondra hazavana lalandava ho an’I taranaka nefa kosa tsy mametraka solofo sy dimby?» Dia namaly izy ireo hoe «Ny fatim-pontsy no nosafidin’ ny Gasy, maty mamela mamy sy mametraka zanaka maniry ho fara mandimby; fa ny fatim-bolana kosa izay tsy mamela taranaka dia tsy noraisiny.»

Araka ny faniriany ny taranaka, ny ankamaroan’ ny Gasy tantsaha dia mametraka fa tena zava-dehibe ny tany fivelomana. Ka iofaniriany izy ireo io dia misy antony maro, tsy fiantohana amin’ny fahanterany ihany fa ambonin’ izany ny fanohizana ny fanabeazam-boha ny tany izany ilainy noho «ny fahaterany tsy ampy amin’ny fampandrosoana». Ny fototra ny fombandrazana malagasy dia ny fianakaviana na ny fitambarany ny mpiray tampo, eo amin’ny izany tsy ny velona hiany fa eo koa ny efa lasan-ko razana dia miahy koa ny mbola velona ao amin’ny fianakaviana. Noho izany ny fahatsaran’ ny fifandraisana eo amin’ny mbola velona, ny fihetsiky ny isam-batan’ olona amin’ny fikarakarana ny razana no ametrahana azy eo anivon’ ny fianakaviam-be.

Eo amin’ny tantsaha, mitazona manamafy ny rohim-pihavanana izany ve tsy efa mitarika sahady ny fanatsarana ny fiainana. Izany heritreritra izany dia samy manana ny fiheverany azy, amin’ny fiainana an-davanandro sy ny fomba amam-panao samihafa, nefa alohan’ izany dia tokony hanana zanaka. Raha ambara ny fahasalaman’ ny zaza teraka dia midika fahafaham-po ho an’ ireo razam-be satria ny raha tsy faly ny razana dia miteraka tsy fahavagnonana ho an’ny taranaka. Noho izany ny taranaka mifandimby dia tsy maintsy

mirohy amin'ny ankehitriny sy ny efa lasa. Ary ireo zaza ireo dia tsy maintsy mikolokolo izany rohim-pianakaviana izany ary ny maha-taranaka mifandimby dia tsy maintsy manohy izany andraikitra izany, ka noho izany ny zaza dia tsy maintsy mikajy ny rohim-pitiavana amin'ny ankehitriny sy ny ho avin' ny taranaka. Tsy ampy ny fomban' ny tantsaha momba ny fitaizam-piainana izay manao hoe: «Araka ny fananana zanakamaro no mahatsara satria anatin'ny fianakaviana maro mety misy tsy manana zanaka maro». Ny zaza dia manambara ny fitohizany taranaka efa lasa, ankehitriny, sy ny ho avy, ny faha-terahana dia manamafy ny firaisan'ny ray aman-dreny amin'ny ho avy, fiarovana io taranaka io tsy ho ritra.

Raha tsy misy ny tany, ny fifandraisana ireo zava-misy ireo tsy azo tanterahina. Noho izany amin' ireo tantsaham amin' ireo faritra ireo, ny zava-doza dia avy amin'ny famoronana io ala Masoala io satria rarana mafy ny fanamboarana ny atiala ho toerana azo volena. Io tany misy ala io dia tokony ho natokana ho filan' ny ankizy. Noho izany io valanjavaboary io dia tsy ho manohintohina ny ara-ekonomika ihany fa ankoatr' izany misakana ny fivelaran-tsain' izy ireo amin'ny fiainana maha-olona.

Arakan ny kabary voaray avy tamin'ny olona mpandinika ny toe-piainan' ny zava-manan' aina amin'ny toerana nametrahan'ny Zanahary azy, Madagasikara ela-be tany dia Paradisa, nefa simba ary ny tany dia lasa tany lahy tsy nanjary nambolena intsony vokatry ny nataon'ny olona nitombo isa isan' andro. Na dia eo aza ny fitombon' ny olona 3% isan-taona, sarotra ihany ny hanaiky io tombatombana io. Tsy fantatra aloha na taiza tamin'ny faritry ny Nosy no tena rakotra ala teo ho eo tamin' ny 2000 taona lasa. David Burney mpandinika ireo fatim-biby ela-be, bozaka lò, tontolo manodidina rindrina simenitra, vato saro-bidy, vera, eo koa ny zava-maniry maro samihafa sy ny atiala. Ny mpanao tantara Jean Fremiggaci misarika ny sain-tsika mba tsy hanimba fahatany ny ala sahala tamin'ny andron' ny fanjanahan-tany ary misy mandositra any amin'ny tany be ala ka manjary foana ny tany sasany. Nohon' ny fandinihana lalina nataon' i Ester Boserup tamin'ny taona faha 60 nahatonga fisalasalana ihany ho nahatonga ny fahasimban' ny ala nohon' ny fitombon' ny mponina teto Madagasikara sy any an-kafa. Farany ny mpiandraikitra ny fambolena Jacques Pollini, dia manoritra mazava momba ny asa izay nmbola ataony, mbola aiza ho aiza ny adi-hevitra atao momba ny fiarovana ny tontolo iainanana eto Madagasikara satria hita fa mbola marefo ihany. Noporofoiny amin'ny ohatra anankiray fa ny fambolena amin'ny fandoroana tany (tavy) dia tsy fomba nahazatra ny olona taloha velively fa noheveriny olona fa io ny fomba mahomby indrindra amin'nym fahazoana vokatra tsara.

Farany, aza adino fa ny fatrany olona eto amin'ny tapaky ny saikanosy Masoala dia ambany, ary eo amin'ny morontsiraka andrefana dia voafaritra eo amin'ny sisiny moron-drano ihany.

Ny fiferana amin'ny valan-javaboary tokony hahemotra

Ny fisian'ny Parc National Masoala dia miantso na mampitandrina antsika sady azo ametrahana fanontaniana amin'ny fomba manao ahoana ny Avaratra no mahazo alalana manokana nanapa-kevitra sahala amin' izao ? Fanontaniana, atao ahoana ny fomba hitantanana ny faritra Atsimo? Nefa noho ny antony tsy ahazoana valiny mahafa-po amin'izany fanontaniana izany, azo atao ny mampihena ny tsy fifankazahoana izay misy mankehitriny mba ahazoan'ny olona hivelona amin'ny Parc. Marina na azo antoka ny fikasana maromaro maniry hanampy ny sekoly, ary ny fitambaran' ny mpizaha tany hanome asa marmaro, heverina fa nizao fanampiana izao tsy ampy velively ho solon' ny fahaverezany tany, azo hahemotra 2 na 3 km ny limitin' ny Parc, amin'izany mety hahita vaha-olana mitovitovy ny olona ao amin'ny faritra Masoala. Io no takian'ny mponina ao. Ny Zoo de Zürich mpamatsy vola indrindra ao amin'ny parc mety hanao fihetsika mahafa-po. Manamboatra toerana azo hiaignana, io no tarigetran'ny Masoala kely; nefa tsy tokony hifantoka amin'ny zava-manan' aina ihany (biby sy zava-maniry) izy fa tokony hijery ny olona. Raha izao famaritana izao ihany ihany no misy, ny olona sahala amin-dRakoto, Jean Aimé ary i Beby izay mivelona amin'ny parc, tsy manana safidy afa-tsy ny hitevy hazo tsy ara-dalana, sombin-tany ao amin'ny parc ary izay ihany no amelomany ny fianakaviany.